“Voadidy amin'ny olona ampy taona ny mandro amin’ny andro zoma, ary tsaratsara raha mampiasa ranomanitra raha misy”

Tatitra azo avy tamin'i Amr bin Salim Al-Ansari niteny hoe : Mijoro ho vavolombelona amin'i Abo Saì'd aho fa niteny izy : Mijoro ho vavolombelona aho fa niteny ny Mpaminany (S.A.W) : “Voadidy amin'ny olona ampy taona ny mandro amin’ny andro zoma, ary tsaratsara raha mampiasa ranomanitra raha misy”.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nohazavain'ny Mpaminany (S.A.W) fa ny fandroana amin'ny andro zoma dia tsy maintsy ho an'ny lehilahy mpino silamo ampy taona rehetra izay voadidy hanatrika ny Soalat zoma. Ary hanadio ny nifiny amin'ny siwàk sy ny toy izany. Ary manao manimanitra amin'izay fofona manitra tsara.

http://sunnah.global/hadeeth/mg/show/10036